



IREO MPAMINANY NY TESTAMENTA TALOHA

Lesona 3 hatao ny
17 Oktobra, 2026



«Nitsangana teo
Josafata ka nanao
hoe: 'Mihainoa ahy,
ry Joda, sy ianareo,
ry mponina eto
Jerosalema: Minoa
an'i Jehovah
Andriamanitrareo,
dia ho tafatoetra
ianareo; minoa ny
mpaminaniny, dia
hambinina ianareo.»»

(2 Mpanjaka 20:20)

Tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha, mpahita na mpaminany no niantsoana ny olona izay mandray hafatra avy amin'Andriamanitra ary mampita izay ho amin'ny olona (1 Sam. 9:9).

Nanana fahafahana hahafantatra zavatra miafina izy ireo, ary na izay mbola ho avy koa aza (1 Sam. 9:6), kanefa tsy izany ihany no asany; fa mihoatra lavitra noho izany. Io fahafahana io, dia mazava ho azy, fa tsy avy amin'izy ireo, fa avy amin'Andriamanitra.

Fa misy ihany koa ny mpaminany sandoka izay miteny araka ny “fahitana avy ao am-pony ihany” (Jer. 23:16).



Iza no antsoina ho amin'ny asa fanompoan'ny mpaminany?

Ahoana no fitondran-tenan'ny mpaminany?

Inona no asa ataon'ny mpaminany?

Iza no vehivavy nomena fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana?


Inona ireo toetran'ny mpaminany sandoka?

IZA NO ANTSOINA HO AMIN'NY ASA FANOMPOAN'NY

“Elia dia olona tahaka antsika ihany, ary izy nahery nivavaka mba tsy hilatsahan'ny ranonorana; dia tsy nilatsaka tamin'ny tany ny ranonorana telo taona sy enim-bolana.” (Jakoba 5:17)


Mety ho tafalatsaka amin'ny fahadisoana hino isika fa ny mpaminany dia “olona ambonin'ny olona rehetra.” Kanefa, Mosesy izao nanala tsiny ny tenany fa votsa vava (Eks. 4:10); Isaia niteny fa maloto molotra izy (Is. 6:5); Jeremia nieritreritra fa mbola zaza loatra izy ho amin'io andraikitra io (Jer. 1:6).

Elia, izay nanana fahasahiana nandrahona ny mpanjaka Ahaba tamin'ny hai-tany noho ny nialany tamin'Andriamanitra, dia voalaza fa “olona tahaka antsika ihany” (Jakoba 5:17).



Latsaka tao anaty famoizam-po lalina i Elia noho ny fandrahonana ho faty nataon'ny mpanjakavavy Jezebela, taorian'ny fahagagana lehibe nataony (1 Mpanjaka 19:2-4).

Mazava tokoa fa tsy mifidy ny mpaminaniny Andriamanitra satria olona tanteraka izy ireo. Inona no hitany tao amin'izy ireo? Ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny faniriany hankato Azy.



AHOANA NO FITONDRAN-TENAN'NY MPAMINANY?

"Ary hoy Mikaia: 'Raha velona koa Jehovah, dia izay lazain'i Jehovah amiko ihany no hambarako' "
(1 Mpanjaka 22:14)




Niseho teo anatrahan'ny mpanjaka roa, mpaminany 400 izay nanome hafatra mahafinaritra, ary mpiambina izay nanoro-hevitra azy hanova ny hafatra araka ny toe-javatra i Mikaia (1 Mpanjaka 22:10-13). Saingy, nijoro mahatoky izy sady nanda tsy hiteny afa-tsy izay nambaran'Andriamanitra taminy ihany (1 Mpanjaka 22:14).

Tsy olona tateraka izy ireo, saingy lehilahy sy vehivavy tia vavaka, mahatoky amin'ny Teny, ary mpanompon'Andriamanitra sy ny olony (1 Sam. 12:23; Jer. 42:4).

Amin'ny maha-mpitondra tenin'Andriamanitra azy ireo, dia mivelona araka ny fiantsona azy ny mpaminany (1 Sam. 12:3-4).

“Lehilahin'Andriamanitra,” “olona manan-kaja” no ahafantaran'ny olona azy ireo (1 Sam. 9:6).

Mankahala sy mandrahona azy ireo izay manda tsy handray ny hafatra entiny (1 Mpanjaka 22:8, 27). Fa na dia eo aza ny toe-javatra sarotra atrehin'izy ireo, dia manambara am-pahatokiana ny hafatra entiny ny mpaminany.



INONA NO ASA ATAON'NY MPAMINANY?

"Ary Jehu, zanak'i Nimsy, dia hosory ho mpanjakan'ny Isiraely; ary Elisa, zanak'i Safata, avy any Abela-mehola, dia hosory ho mpaminany handimby anao." (1 Mpanjaka 19:16)

Anisan'ny
andraikitry ny
mpaminany ireto:



Amin'ny mpanjaka

- 👑 Manositra azy ireo (1 Mpanjaka 19:16)
- 👑 Mampahery azy rehefa manao ny tsara izy ireo (2 Tantara 15:8)
- 👑 Mampifanatrika azy amin'ny ratsy ataony (1 Mpanjaka 21:20)

Amin'ny mpisorona

- 👑 Mampifanatrika azy amin'ny ratsy ataony (Mal. 2:1-2)

Amin'ny vahoaka

- 👤 Mampianatra azy ireo ny lalan'Andriamanitra (Mika 6:8)
- 👤 Manambara azy ireo ny fahotany (Is. 58:1)
- 👤 Miantso azy ireo ho amin'ny fibebahana (Ezekiela 18:32)


Amintsika

- 📖 Mandraikitra an-tsoratra ny hafatra entiny (2 Tantara 13:22)

IZA NO VEHIVAVY NOMENA FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FAMINANIANA?

"Ary Debora mpaminanivavy, vadin'i Lapidota, no nitsara ny Isiraely tamin'izany andro izany"
(Mpitsara 4:4)

Milaza mpaminanivavy dimy ny Testamenta Taloha. Iray amin'izy ireny i Noadia, izay mpaminany sandoka (Neh. 6:14). Hafa iray koa, dia ny vadin'i Isaia, izay tsy fantatsika na nantsoina hoe mpaminanivavy noho izy nahazo io fanomezam-pahasoavana io, na noho izy vadin'ny mpaminany (Is. 8:3).



MIRIAMA. Amin'ny maha-mpaminanivavy azy, dia nitarika ny vehivavy rehetra hihira rehefa tafita ny Ranomasina Mena izy. Nanampy ireo anandahiny koa izy tamin'ny fitarihana ny vahoaka nandritra ny fivahinianana tany an'efitra (Eks. 15:20; Mik. 6:4).



DEBORA. Sady mpaminanivavy izy no mpitsara, ary nitarika ny vahoaka tamin'ny ady natao tamin'i Sisera, niaraka tamin'i Baraka. Nanao hira fiderana sady faminaniana izy, taorian'ny fandresena (Mpitsara 4:4-9; 5:1).



HOLDA. Izy no nanontanian'i Josia ny amin'ny bokin'ny Lalàna izay hita. Ho fanampin'ny famaliany ny fanontanian'ny mpajaka, dia nanao teny nampahery azy koa izy (2 Mpanjaka 22:14-20).

INONA IREO TOETRAN'NY MPAMINANY SANDOKA?

"Dia hoy Jehovah tamiko: 'Ireo mpaminany ireo dia maminany lainga amin'ny anarako; Tsy naniraka azy Aho, na nandidy azy, na niteny taminy; fa fahitana mandainga sy faminaniana tsy marina ary tsinotsinona sy fitaky ny fony no aminaniany aminareo.' " (Jeremia 14:14)

Tsy izay rehetra maminany no manao izany satria nandray hafatra avy tamin'Andriamanitra (Jer. 14:14). Inona no hafatra entin'izy ireo, ary nahoana no mitondra izany izy ireo?

Mamorona faminaniana ho azy izy (Ezek. 13:2, 17)

Miteny araka izay tian'ny olona henoina (Ezekiela 13:16)

Tsy manao teny manohitra ny fahotana (Ezek. 13:22)

Mitady ny tombotsoan'ny tenany manokana izy (Ezek. 13:19)

Nahoana ny olona iray no milaza fa miteny avy amin'Andriamanitra nefa fantany fa tsy marina izany? Mamita-tena ve? Faniriana hahazo fankasitrahana, na tombontsoa ara-bola na hafa ve?

Ny mampalahelo indrindra momba ny mpaminany sandoka dia misy mihaino sy manaraka izy ireny. Tian'ny olona izay lazainy satria tsy mitaky ezaka sady tsy manelingelina ny feon'ny fieritreretany. Saingy mitondra ho amin'ny fahafatesana ihany ny fanarahana azy ireny.

Ny tena mpaminany marina dia mampitandrina mandrakariva ny amin'ny loza ateraky ny fahotana, ary mamporisika ny olona ho mahatoky na inona na inona mety ho vokany.



“Tsy misy apostoly na mpaminany na iray aza sahy nidoka tena ho tsy manam-pahotana. Izay nivelona akaiky an'Andriamanitra indrindra, ka nifidy ny hahafoy ny ainy aza, mba tsy hanao asa tsy marina, ka nomen'Andriamanitra voninahitra tamin'ny fahazavana natolony azy, sy nandray ny heriny no nahatsapa koa ny naha-meloka azy. Tsy nametraka ny fitokisany teo amin'ny nofo izy, na nirehareha tamin'ny fahamarinan'ny tenany, fa niantehitra tanteraka kosa tamin'ny fahamarinan'i Kristy.”

FANAZAVANA FANAMPINY: NY FIANTSOANA AN'I ELLEN G. WHITE HO MPAMINANY

Nahatsiaro ho tsy vonona hanatanteraka ny asa fanompoan'ny mpaminany i Ellen taorian'ny fahitana voalohany noraisiny. Nahatsapa tsy fahamendrehana sy tsy fahaizana hamaly ny fiantsoana azy ilay tovovavy 17 taona izay sady marefo ara-pahasalamana no voafetra ny fianarana noratoviny.

Nahazo fahitana faharoa izy herinandro taorian'ilay fahitana voalohany, izay nanomezana fampitandremana azy ny amin'ireo fizahan-toetra tsy maintsy hodiaviny. Rehefa nivavaka mafy izy, sady nahazo fampaherezana avy tamin'ireo anadahy sy rahavavy sasany, dia nanaiky ny fiantsoana azy ihany i Ellen.

Tao anatin'ny roapolo taona latsaka, rehefa nahazo fahitana maro izy, sy ny fanohanan'i vadiny –James White–, dia nanampy tamin'ny fanorenana ny fototra iorenan'ny Fiangonana Advantista Mitandrana ny andro Fahafito izy (niforona ara-dalàna tamin'ny 1863).



Ny asa fanompoany no fitaovana nananganana ny rafitra ara-pahasalamana sy ara-panabeazana Advantista, ary namela asa soratra, izay avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra mahatratra 100 000 pejy eo ho eo izy, izay mbola mampita hafatra avy amin'Andriamanitra amin'ny olona manerana an'izao tontolo izao ankehitriny.

